Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA ZOMA 8 MAI 2020

Lohahevitra: MAMOAZA VOA MIENDRIKA NY FIBEBAHANA
Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy (1Kor 13.4)

Mitarika : Pst Clément Rakoto

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

HIRA 170

Vavaka

Teny fampidirana ny texte du jour (1Kor 13.1-13)

HIRA FFPM 4 and 1

Vakiteny 1 1Kor 13.1-3

1Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho, kanefa tsy manana fitiavana, dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana aho. 2Ary na dia manana faminaniana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombohitra, kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho. 3Ary na dia omeko hohanin'ny malahelo aza ny fananako rehetra, ary na dia atolotro hodorana aza ny tenako, kanefa tsy manana fitiavana aho, dia tsy mahasoa ahy akory izany.

Fanazavana Fohy

HIRA FFPM 4 and 2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA
VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 2. 1Kor 13.4-7

4Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, 5tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otri-po, 6tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa, 7mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra.

Fanazavana Fohy
HIRA FFPM 4 and 3

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 3. 1Kor 13.8-11

8Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay; fa raha ny faminaniana, dia ho levona; na ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra; na ny fahalalana, dia ho foana. 9Fa sombintsombiny ny fahalalantsika, ary sombintsombiny ny faminaniantsika; 10fa rehefa tonga ny tanteraka, dia tsy hisy sombintsombiny intsony. 11Fony mbola zaza aho, dia niteny toy ny zaza, nihevitra toy ny zaza, nisaina toy ny zaza; fa nony efa lehibe aho, dia nariako ny fahazazana.

Fanazavana fohy

HIRA FFPM 4 and 4
VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA
VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 4. 1Kor 13.12-13

12Fa ankehitriny isika mizaha ao amin'ny fitaratra ka tsy mahita marina; fa rahatrizay dia mifanatrika; ankehitriny sombintsombiny no fantatro; fa rahatrizay dia ho fantatro tsara toy izay nahafantarana ahy. 13Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana: fa ny fitiavana no lehibe amin'ireo.

Fanazavana Fohy:

HIRA FFPM 534 and 1, 2

VAVAKA MPITANDINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

Teny FANDRAVONANA

HIRA FFPM 534 and 3,4

TSO-DRANO